
# TORITENY - ALAHADY faha-33 TSOTRA - TAONA D



## *HO AVY NY FARANDRO ARY HOTSARAIN'ANDRIAMANITRA ISIKA*

Ry Kristianina havana, raha ny marina dia ny alahady lasa teo dia faha-32 no tokony nankalazaintsika nefa noho ny daty 9 Novambra fankalazana ny fitokanana ny Eglizy Reny dia ny Bazilikan'i Laterano izay katedralin'i Papa dia navela ny faha 32.

Raha hiverenantsika vetivety ireo vakiteny tamin'ny Alahady lasa teo dia manasa antsika izy ireo handinika bebe kokoa ny ho avy, ny fiainan-ko avy, ny fitsanganan-ko velona ary araka ny naverimberintsika –dia arakaraky ny fieretretantsika ny hoavy sy ny fiheverantsika ny fahafatesana no hamolavolantsika ny fiainantsika andavanandro. Raha ny fihevitr'izao tontolo izao no entintsika mamaritra ny fiainan-ko avy izany hoe ny fiafarana, ny fahalevonana dia tsy mahagaga raha manararaotra ity fiainantsika ity isika hanaovana ny rendrarendra rehetra. Ny fahendren'izao tontolo izao no mibaiko ny fiainantsika ka mahatonga ny fahafatesana manjaka amin'izao androntsika izao: ny herisetra, ny fitapitaka, ny lainga, ny herin'ny haizina izay mamotika ny aina ka ny fahafatesana no eo anivon'ny fiainantsika. Vantany vao mihaino radio isika na mamaky

***Vakiteny I :*** *Mal. 3, 19-20a*
***Salamo :*** *Sal. 97*
***Vakiteny II :*** *2 Tes. 3, 7-12*
***Evanjely :*** *Lk. 21, 5-19*

gazety na mijery fahitalavitra dia mahatsapa ~~fa fa~~hafatesana no hita matetika satria ny fahendren'izao tontolo izao no andrafetana ny fiainantsika.

Raha ny fiainan-koavy no heverintsika dia ny hasambarana izay misy ireo olomasina sy ireo havantsika efa nialoha làlana antsika izay ohatra velona ho antsika no hiezahantsika hivelomana. Ary araky ny fampianaran'ny Eglizy dia izany ny mahatonga antsika mivavaka ho azy ireo amin'izao volana novambra izao. Isaorana isika fa mahatsiaro azy ireo ary izy ireo mivavaka ho antsika.

Tsara ny hahalalantsika fa misy fiafarany izao tontolo izao fa amintsika Kristianina kosa tsy fiafarana ny fahafatesana fa varavarana mampiditra amin'ny tena fiainana izay manomboka amin'izao fiainana izao. Izay indrindra no mahatonga antsika manatanteraka izao Sinaody izao satria iarahantsika mahalala fa ny varavarana tery, ny varavarana ety. Mila ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny ezaka avy amintsika mba hahafahantsika miditra ao. Izany indrindra ny anjara toeran'ny dinika nataontsika hametraka TOROLALANA PASTORALY irintsika vokatr'izao Sinaody izao. Torolalana pastoraly hanampy antsika hahay hampitraotra ny finoana sy fiainana andavanandro hahatonga antsika ho fianakaviana "Eglizy kely" ka ho EGLIZY OLO VELO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA. HO EOV MIFAMPITSIMBINA, MIFANASOA MIKATSAKA SOA IOMBONANA.

Izany ihany koa no dikan'ny fankalazana ny Fitokanana ny Bazilikan'i Laterana Eglizy Reny Tranobe iombonan'ny fianakaviana jiaby dia ny EOV jiaby izay mifanasoa, mifampitsimbina.

Manararaotra àry aho mampianatra antsika EOV tsiraikiraiky hiroso amin'ny lalindalina kokoa hanao vavaka totoafo amin'izao isika manao pelerinajy, mandalo amin'ny varavarana masina izao. Samia mangataka fahasoavana manokana mba samy ho feno Fanahy Masina isika jiaby ka ho PANTEKOTY VAOVAO ho "départ vaovao" tokoa izao Fijanonana faha-3 izao. Tsara ho ampahatsiahivina antsika ihany koa fa ny fankalazana an'ity fijanonana faha 3 ity no faranantsika fa ny SINAODY MBOLA MITOHY fa indrindra fiainana azy. Izany ny maha-EOV Eglizy miara-dalana antsika, mitohy hatrany mba hanjaka ny famindrampon'Andriamanitra, ny fifamelan-keloka eto amintsika ka amin'izay tsy hisy ireo fahafatesana nolazaintsika fa i Kristy izay ankalazaintsika amin'ny Alahady ho avy, famaranana ny taona litorjika. Izy izay Kristy Mpanjaka anie no hanjaka eo amin'ny fiainantsika. Tsy mpanjaka araka ny fiheveran'izao tontolo izao izy ka manjakazaka, manilikilika izay tsy mitovy hevitra na sanatria mpamono an'izay tsy mitovy hevitra aminy fa mpanjaka mpanompo izy ary ao anatin'ny fanompoana no tena hanjakan'ny fifankatiavana. Raha manjaka ny fifankatiavana dia ny fiadanana no hanjaka eo anivony ka tanteraka ny nofinofintsika eto Madagasikara dia tsy inona fa hanjaka ilay soatoavina mamintsika dia ny FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO .

Tsy mahagaga raha ny hetraketraka isan-karazany, ny herisetra no manjaka eo amin'ny fiainantsika na eo amin'ny tanàna misy antsika satria tsy mbola manjaka eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra na i Kristy. Fantatsika fa tsy maintsy misy safidy mazava hatao raha ny amin'ny fampanjakana an'i Kristy eo amin'ny fiainantsika. Izany no tian'ny Eglizy hobanjinintsika amin'izao manakaiky ny famaranana ny taona litorjika izao, ny manambara fa misy fiafarana tokoa izao tontolo izao ary i Jesoa no hitsara antsika. Ho avy ny farandro nefa tsy tokony hampatahotra izany raha haintsika amin'ny fiainantsika ny mitoetra ao amin'i

Kristy sy miaraka aminy ary amin'ny alalany fa raha tsy izany dia mety mampatahotra tokoa. Io ilay resahintsika matetika hoe anio ny ho avy fa tsy rahampitso. Izany indrindra no kendrentsika amin’izao Sinaody izao. Hametraka rafitra hanampy antsika hivelona araka ny sitrak’Andriamanitra fa tsy araka ny hevitr’izao tontolo izao.

Amin'ny Evanjely androany (*Lk. 21, 5-19*) : antitranterin’i Jesoa fa raha maharitra mifikitra aminy sy mitoetra ao aminy ny fiainantsika, na hirodana aza izao tontolo izao dia hatoky azy sy tsy hatahotra isika fa afaka hiroso amin'izany fiainana misy an'Andriamanitra izany dia ny fiainan-koavy.

Na dia misy aza ny ady sy ny zavatra manahirana rehetra, aoka isika hifikitra amin'i Kristy fa izany no famonjena ho antsika.

Tsara koa ny mampahafantatra antsika ny farandro : betsaka ny filazana henontsika mikasika an'io satria misy aza milaza mihitsy ohatra tamin'ny taona 2013, misy koa milaza fa tamin’ny taona 2016. Ny marina dia tsy maintsy misy ny fiafarana, hoy isika, fa tsy misy mahafantatra na ny ora na ny fotoana. Mila mitandrina isika amin’ireo be resaka momba izany. Ny zavatra anankiray lazaintsika koa dia ny hoe na dia tsy izao aza ny fiafaran’izao tontolo izao dia azo lazaina kosa fa manambara fahataperana, fomba fisainana tsy mahomby dia ny fanatontoloana diso toerana ka zary rafitra mangeja sy manapotika. Io ilay rafi-pahotana tsy maintsy resena. Mijoroa... Mitsangana isika araka ny hafatry ny JMJ hanorina rafi-pivelomana izay mifototra ao amin’i Kristy. « Ianareo koa dia hanambara Ahy, satria efa niara-nitoetra tamiko ianareo » (Jo 15, 27). I Jesoa dia manasa ny tanora, antsika EOV jiaby mba ho vavolombelon’i Kristy amin’ny alalan’ny finamanany amin’i Jesoa, ka mangataka antsika Jiaby i Jesoa mba ho mpitory ny fihavanana sy ny fiadanana, amin’ny fanovana ny fiainana anaty sy amin’ny fandraisana andraikitra amin’ny asa sosialy tsara araka ny fehin-kevitra izao fijanonana faha-3 izao : mifanasoa, mifampitsimbina, mikatsaka soa iombonana.

Noho izany aoka hifikirantsika ny Tenin'Andriamanitra ao amin'i Kristy ary izay no amaranan'i Kristy amin'ny fampianarany androany dia ny FAHARETANA. Fantaro fa tsy misy mahafantatra an'izany fotoana sy ora izany na ny Zanak'olona aza. Aoka isika tsy handray na hanaiky ireny fitapitaka sy lainga samihafa ireny, ao ny milaza, ohatra, fa rehefa misy eklipsa dia farandro. Ny tena fototra dia izay nolazain'i Jesoa io dia ny hifikirantsika aminy.

Tsy maintsy misy farany izao tontolo izao ary tsy maintsy misy ny fitsarana izay midika fa misy fanavahana izany ka aoka isika mba hifikitra amin'i Kristy. Mitaky safidy izany ary izay indrindra no irintsika atao amin’izao Sinaody izao, hametraka safidy mazava mifototra amin’ny fianakaviana Eglizy kely ka hitondra antsika hanao “départ vaovao”, FIAINGANA VAOVAO. Ny hanambarana fa tena mifikitra amin'i Kristy isika ka tsy matahotra ny farandro dia ny anatra ataon'i Md Paoly tamin'ny vakiteny faharoa (*2 Tes. 3, 7-12)* : “Aoka isika hiasa bebe kokoa, izay tsy miasa aoka tsy hihinana”. Ny asa dia tsy ozona vokatry ny fahotana fa anisan’ny maha-olona antsika ary manomana antsika amin'ny fiainana mandrakizay. Tsy ny asa no ratsy fa ny fomba fanatanterahantsika sy fivelomantsika azy no tsy maintsy hodinihana tsara. Izany indrindra no nohalalinintsika nandritra ity fijanonana faha-3 ity.

~~Izan~~y koa no ananaran'i Malakia mpaminany antsika mba tsy hiandry lava fa hivelona kosa anatin'ny fahamarinanana izay tanamasoandro ho antsika ka hahafahantsika miroso lalindalina kokoa. Raha marina tokoa isika dia olon-kendry izay mikatsaka mandrakariva ny hanasoa ny hafa ary izany no hivelomana ny tena fiadanana marina.

Ry Kristianina havana izao famaranantsika ny Sinaody izao anie hanampy antsika hivelona bebe kokoa ny maha EGLIZY OLO VELO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MANDRAY ANTANANA MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA ANTSIKA ka HIFANASOA, HIFAMPITSIMBINA HIKATSAKA NY SOA IOMBONANA, hanampy antsika hampanjaka an'i Kristy eo anivon'ny fiainantsika. Araka izany ny fidirantsika tamin'ny varavarana masina dia manambara fa tsy tanjona ny fivahinianana nataontsika, ny dinika natao nandritra izao Fijanonana faha-3 fa firosoana amin'ny lalindalina kokoa, fampidirana sy fampanjakana an'i Jesoa eo amin'ny fiainana, hanatsarantsika ny fiainantsika izay efa tena reraka tokoa.

Enga anie izany koa no entintsika hivelomana ny fiheverantsika ny farandro ka amin'izay tsy hampatahotra antsika satria efa zatra mahita ny Sôran'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny tarehin'ireo namantsika ka na dia misy aza ny fitsarana dia ny famindram-pon'Andriamanitra, izany hoe ny fitiavana nivelomantsika, no hitsarana antsika ka tsy hampatahotra antsika ireo ady sy hetraketraka maro isan-karazany ary horohoron-tany izay re etsy sy aroa fa hanampy antsika kosa hahatsapa an'izay tena fitiavana izay.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, fantatray tokoa fa hisy ny fiafaran'izao tontolo izao indray andro any fa ny irinay kosa dieny izao dia ianao no hanjaka amin'ny fiainanay, amin'ny taninay sy hanjaka amin'ny Madagasikara mba ho fihavanana sady kristianina no malagasy, fitiavana fahasambarana no hanenika ny fiainanay.

Enga anie amin'izao famarananay ny FIJANONANA FAHA-3 amin'ny Sinaody faha-7 izao, mba hahay hiroso amin'ny lalindalina kokoa izahay amin'izany fiainana EOV manorina ny Fianakavian'Andriamanitra izany, Fratelli Tutti, Olo Araiky isika Jiaby ka hitondra anay amin'ny fahamasinana araky ny fampianarana ataon'i Md Paoly milaza hoe : “Enga anie ny asa ataonay no hanamasinanay ny fiainanay ao aminao”. Masina Maria Renin'ny Eglizy, mivavahà ho an'ny Fianakaviana Eglizy kely mba ho fianakaviana mahafoy sy manompo tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy, mivavahà ho an'ny Raim-pianakaviana mba hanana asa sy vonona hamelona ny ankohonany tahaka anao na ara-panahy na ara-batana na ara-tsaina ka hanjaka tokoa eo anivonay anie i Kristy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson